

EMMAÜS DIA: HETSIKA MANERAN TANY IADIANA AMIN'NY FAHANTRANA SY NY FANILIHANA: NY HOE “MANAVAO IZAO TONTOLO IZAO”, DIA AZO TANTERAHANA, RAHA TOA KA MANDRAY ANJARA DAHOLO NY REHETRA, ARAKA NY TANDRIFINY AVY.

Nalaina tamin'ny fanehoan-kevitra farany tamin'ny Fivoriambe maneran-tany ny taona 1999 (Orléans, France)



fanambarana manerantany
Lany tao amin'ny Fivoriam-be maneran-tany ny taona 1969 (Berne, Suisse)

ny hetsika

emmaüs

Ny anaranay EMMAÜS dia anaran'ny tanàna kely iray ao Palestine izay nisy olona efa very Fanantenana tanteraka ary namoy fo nefa nahazo fanantenana indray. Io anarana io, dia miaramampiaiky ny rehetra, na mpino na tsy mpino, fa ny fitiavana irery ihany no afaka mampifandray antsika sy mampandroso antsika rehetra miaraka. Ny hetsika EMMAÜS dia teraka tamin'ny volana Novambra 1949 tamin'ny fihaonan'ny: Ireo olona tonga saina noho ny fananany sy ny fari-piainany lafatra ary ny andraikit'izy ireo ara-piaraha-monina nanoloana ny tsy rariny, sy ireo olona izay tsy nanan-kantenaina intsony teo amin'ny fiainany. Tamin'izay ny tsirairay avy no nanapa-kevitra ny hampiray ny herim-pony sy ny zavatra ataony mba hifanampiana sy hanavotana ireo izay ory, ary resy lahatra tanteraka fa ny famonjena ny hafa no mahavonjy ny tena ihany koa. Ho fanatanterahana an'izany, dia nijoro ireo ankohonam-piainana (communautés) izay nanapa-kevitra ny hiara –hiasa sy hiara-belona ary mba hizara sy hanome ihany koa. Tetsy andanin'izany ihany koa dia niforona ny vondrona mpinamana sy ireo mpiasa an-tsitrabo izay mitolona eo amin'ny lafiny maha-olom-

pirenena sy amin'ny maha olon-tsootra ihany koa. **1.NY LALANANAY** no anisan'ny mahatonga ny mpiarabelona rehetra hanana fiainana mendrika ny hiaina ara-dalàna, ny fandriam-pahalemana marina ary mitondra fifaliana ho an'ny olona tsirairay sy ny fiaraha-monina tsirairay. “Ataovy laharam-pahamehana ny fanampiana ireo izay tena ory indrindra”. “Izay ory mihoatra noho ianao no tompoina mialoha noho ny tenanao”. **2.NY FINOANAY** dia ny fanajàna an'ireo lalàna ireo izay fototry ny fitadiavana ny rariny ka mitarika ny fandriam-pahalemana eo amin'ny mpiarabelona. **3.NY TANJONAY** dia ny fiezahana hahatonga ny olona tsirairay, ny fiaraha-monina tsirairay, ny firenena tsirairay, hiaina, hijoro sy hivelatra ao anatin'ny fifanakalozana sy ny fizarana ao anatin'ny fahamendrehana mitovy. **4.NY FOMBA FIASANAY** dia ny manangana, manohana, manentana toerana hahatsapan'ny ny tsirairay avy ho olon'afaka sy voahaja ka hahatonga azy afaka hamelon-tena sy hifanampy. **5.NY FITAOVANAY VOALOHANY**, dia na aiza na aiza ahafahana manao izany dia ny asa famadihan-javatra efa avy nampiasaina mba hanan-danja indray no ataony, ka hampitombo ny fahafahana mamonjy haingana ireo izay tena mijaly. **6.NY FITAOVANA Hafa**

REHETRA izay mampamoha ny feon'ny fieritreretana sy ny fanamby dia tokony ampiasaina hatao hanampiana voalohany indrindra ireo izay tena ory, hanamaivanana ny fijaliany sy ny ady atrehiny na eo amin'ny fiainany manokana izany na amin'ny maha olom-pirenena azy, mba hamongorana ifotony ny fahantrana isan-tokony. **7.NY FAHAFAHANAY EMMAÜS**, dia tsy manana idealy hafa, ankoatr'izay volaza ato anatin'ity Bokikely ity ary ts'isy fahefana hafa izay voalaza ao anatin'ny fitsipika sy fandaminana anatin'ny fikambanana. Ny zavatra ataony dia mifanaraka amin'ny Fanambarana ny zon'Olombelona, izay neken'ny Firenena Mikambana. Ary ny lalàna marina ao amin'ny fiaraha-monina tsirairay, ny firenena tsirairay, tsy anavahana firehana ara-politika, na ara-pirazanana, na ara-pitenenana, na ny ara-panahy na hafa ihany koa. Tsy misy zavatra hafa takiana amin'izay te handray anjara amin'ny hetsika ataony afa-tsy ny fanekena izay voalaza ato anatin'ity Bokikely ity. **8.NY MPIKAMBANA ATO AMINAY** Ity Bokikely ity no fototra tsootra sy mazavan'ny hetsika Emaosy, izay tsy maintsy ekena sy ampiarin'ny vondrona tsirairay izay maniry hiditra ho mpikambana mavitrika.



EMMAÜS IRAISAM-PIRENENA

REHEFA NY ASAN'NY OLONA TENA SAHIRANA NO MANEFY TONTOLO MIRAY HINA!

Mpandova maneran-tany an'i pretra Pierre, Emmaüs Iraisam-pirenena dia hetsika lahika mavitrika, miray hina miady amin'ny fanilikiliana, nanomboka ny taona 1971. Ny ady ataony? Mamelà ireo olona tena sahirana handray anjara (indray) amin'ny fiainany amin'ny fanampiana ny hafa. Hatrany Inde, Pologne, Pérou na Bénin, fikambanana 300 ao anatin'ny firenenana 36 no isan'ny mpikambana amin'ny Hetsika ka mampandroso asa ara-toekarena sy firaisan-kina miaraka ami'ireo izay tena mahantra: ady atao amin'ny fandaniam-poana amin'ny famadihana ny zavatra tonta ho azo ampiasaina, taozavatra, fambolena ara biolojika, fanampiana ny ankizy mireny eny an-dalambe, famatsia-mbola madinika, sns... Manerana ny vazan-tany efatra, ireo fikambanana ireo ka manangona ny heriny ary mampitombo ny firaisan-kina eo amin'ny mpikambana. Ny Emmaüs Iraisam-pirenena dia mandà ny hevitra hoe: tsy natao ho an'ny rehetra asa soritrasa dimy izay atao lahara-pamehana dia: 1-Ny fahafahana manana rano, 2-Ny fahafahana ho salama, 3-Ny fitantanam-bola mendrika, 4-Ny fanabeazana, 5-Ny zon'ny mpila ravin'ahitra. Eo amin'ny asany andavanandro miompana amin'ny zava-misy eo amin'ny fiaraha-monina, amin'ny fandraisany andraikitra miaraka, ny tarika Emmaüs dia mandresy lahatra manerana izao tontolo izao fa velona tsara ny fiaraha-monina sy ny modely ara-toekarena mifototra amin'ny firaisan-kina sy ny fahamendrehana.

> MIADY AMIN'NY FOTOTRY NY FAHANTRANA

Emmaüs, amin'ny maha Hetsika azy, ankoatry ny maha “Voalohany sy mpameno azy amin'ny ady atao rehetra ho amin'ny rariny”, dia miara-miasa amin'izay tena osa, satria ny anto-mpisiany dia tsy ny mamonjy azy ireny ihany rehefa misy ny amehana, fa koa ny manampy azy hitaky ny zony, izany hoe mba hahafahany “maneho ny heviny”. Izao fandraisana andraikitra izao dia midika ho azy fa ny Emmaüs dia tsy mifanaraka mihitsy amin'izay rehetra mahatonga ny fahantrana na iniam-pony na tsia, indrindra fa ireo izay manao tsindry hazolena eo anivon'ny firenena na iraisam-pirenena. Anjaran'ny fikambanana tsirairay ao amin'ny Emmaüs Iraisam-pirenena, arakaraky ny zava-misy ao aminy no mamaritra ny fomba sy ny fotoana anehoana ny alehibe sy ny fetran'izao fandraisan'ny Emmaüs andraikitra izao ka hampifanaraka ny asa sosialy izay sahanin'ny vondrona amin'izany. Nalaina tamin'ny lahatsoratra *Ampleur et limites de l'engagement social d'Emmaüs (Alehibe sy fetran'ny fandraisan'ny Emmaüs andraikitra eo amin'ny fiaraha-monina)*, izay neken'ny Fivoriam-be maneran-tany natao ny taona 1979 (Århus, Danemark)